Gazette Tohiravina 3-Novembre-Vert.pdf 1 12/11/2024 16:30:27

GAZETY
tohiravina
TERAKA

N°03 -- Septembre 2024

www.teraka.org - maimaimpoana, tsy azo amidy



Ireo Soatoavina Fototra TERAKA:

1.Marina
2.Mahitsy
3.Mangarahara
4.Miasa an-tsitrapo
5.Miasa amin’ny fifanompoana
6.Miasa amin’ny teti-bola ambany hahazoana vokatra lehibe
7.Samy tompon’andraikitra

“Mpikambana TERAKA nanangona voana zavoka avy hatrany, teny antsena taorian’ny fiofanana momba ny fahazoana vokatra lehibe amin’ny teti-bola ambany sy ny fanomanana voan-jana-kazo: modely tsara ho fakan-tahaka”

Tanin-janakazo foronina amin’ny zava-misy : Kanto mampiavaka ny vondrona TERAKA

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao amin’ity gazety ity

1.NY FAHAIZA-MAMORONA AMIN’NY ZAVA-MISY: Ny faharanitan-tsain’ny tantsaha, mampiavaka ny fandaharan’asa TERAKA
2.Vita sonia ny fifanaraham-piaraha-miasa amin’ny mpividy karbaona iraisam-pirenena sy ny fandaharan’asa TERAKA
3.Mpitondra fivavahana miara-misalahy amin’ny fandaharan’asa TERAKA ho fanasoavana ny mpiara-belona sy ho fanatsarana ny tontolo iainana
4.Fantatrao ve ireo lisitra hazon’ny TERAKA?

Ny fahaiza-mamorona amin’ny ny zava-misy no asongadina amin’ity laharana fahatelon’ny gazety Tohiravina ity! Ireo tombon-tsoa : akora eo am-pelatantana, famoronana, fitsitsiana, ary tsy fiankinan-doha. Ny fanodinana ny fitaovana tsy miasa intsony dia azo atao amin’ny fomba matihanina raha manaraka fepetra vitsivitsy manaja ny fitombon’ireo hazon-tsika.
Ho ampatsiahivin-tsika eto ny mikasika ireo hazo TERAKA. Efa akaiky ny fotoam-pambolena manaraka.

Ny fahavitan’ny sonian’ny fiaraha-miasantsika miaraka amin’ireo mpividy tahiry karbaona maneran-tany dia ahafahantsika manome fankasitrahana ary mankahery ireo ezaka amin’ny alalan’ny fandoavam-bola mialoha. Mba tsy ahavery ny tanjona dia arahintsika hatrany ireo mpitarika modely ary omanin-tsika ireo asa miandry ho an’ireo volana roa manaraka. Na mpikambana vaovao ianao na efa niaraka taminay hatrizay dia aza misalasala mitsidika ny biraontsika izay notokanana tamin’ny fomba ofisialy ny 14 aogositra 2024

Gazette Tohiravina 3-Novembre-Vert.pdf 2 12/11/2024 16:30:28

NY FAHAIZA-MAMORONA MALAGASY : Ny faharanitan-tsain’ny tantsaha, mampiavaka ny fandaharan’asa TERAKA

Manana fahafahana lehibe isika afaka hampamirapiratra ny maha izy azy ny kolontsaina malagasy izay manintona ny eo anivon'ny sehatra iraisam-pirenana. Anisan’izany ny fahaiza-mamorona ny tsy misy, izay tena fanta-daza.

Ny fahaizana mamorona dia ny fikarohana vahaolana amin'ny zavatra iray avy amin’ny zava-misy eo am-pelatanana izay tena mampihavaka ny modelin-tsika. Ny fahakingantsika tantsaha malagasy amin'ny fitadiavana vahaolana sy ny fahaizana mamorona eo anatrehan'ny zava-tsarotra dia mampiseho ny haavon'ny fahakingana miavaka. Amin'izany, dia afaka mirehareha isika izay fihetseham-po hampitombo ny fahatokisan-tena, ny fientanentanana, ary ny fahafaham-pontsika tantsaha, sady manome vahana ny fahaiza-mitarika izay tiantsika hampiroboroboina. Amin’ny sehatra rehetra dia afaka ampiharintsika izany, indrindra fa amin’ny fambolen-kazo. Isika tantsaha rehetra dia afaka mampiasa izay zava-misy eo am-pelantanantsika mba hahafahana manangana tanin-janakazo. Tsy voatery hividy irony kitapon-janakazo plastika irony ohatra fa afaka manangona ireny fonosana na tavoahangy plastika tsy ampiasaina intsony ireny mba hanamboarana izany. Zairina amin’ny rofia ny fonosana (sachet) mba hitambatra na dorana amin’ny afo ihany koa. Avy eo dia asiana lavaka madinika vitsivitsy mba isian’ny fivoahan’ny rano. Misy ihany koa ireo izay mampiasa irony





“Fanaovana kitapon-jana-kazo amin’izay eo am-pelatanana: fampiasana ratin’akondro sy fonosana plastika tsy miasa intsony”

ratin’akondro irony. Atao izay ahazohana endrika kitapon-janakazo amin’ny alalan’ny fampitambarana azy ireo dia afatotra amin’ny rofia na taretra.

Rehefa manao ny kitapon-janakazonao ary ianao, amin’izay zavatra misy eo am-pelatananao, dia aza adino fa ny habeny dia arakaraky ny haben’ny voa sy ny faharetana ijanonany ao. Raha voa lehibe sy maharitra mijanona dia ataovy lehibe. Ohatra, 15 sm ny sakany ary 20 sm ny haavony (15*20). Raha voa madinika sy haingam-pitombo kosa dia afaka ataonao ho sahabo: 11*20 na 10*17 na 9*14 no anamboarana ny haleben’ny kitapon-janakazonao.

Andeha isika hiaraka hankalaza ity harena ara-kolontsaina sy ity famoronana izay herin'ny firindran'ny fiarahamonintsika ity!

II. VITA SONIA NY FIFANARAHAM-PIARAHA-MIASA AMIN’NY MPIVIDY KARBAONA IRAISAM-PIRENENA SY NY FANDAHARAN’ASA TERAKA

Henoy anie, vaovao tsara sy mahavelom-bolo indray no andeha ho resahina. Ny volana Jolay lasa teo dia vita sonia ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin’ny mpividy Tahiry Karbaona iraisam-pirenenena sy ny fandaharan’asa TERAKA. Fiaraha-miasa maharitra sy mikatsaka izay hahazoan’ny tantsaha tombontsoa tokoa. Ankoatr’ireo tombontsoa marobe entin’ny hazo izay efa iarahantsika mahalala dia hisitraka 70% ny tombom-barotra avy amin’ny vidin’ny Tahiry Karbaona ihany koa ireo tantsaha TERAKA.


Manoloana izany dia efa hanomboka atsy ho atsy ny fotoana hanisana ny hazo velona izay efa novolen’ireo Vondrona Madinika ho an’ny taom-pambolena lasa teo. Ireo Vondrona Madinika izay efa manaraka ireo fepetra toy ny fambolena hazo eny amin’ny tany ananana porofo maha tompony na nahazoana alalana, tsy novolena amin’ny tany vao avy nandripahana ala latsaky ny folo taona, hazo velona mihoatra ny herintaona ka mahatratra 25 santimetatra ary mielanelana 2 metatra farafahakeliny, manatanteraka ny fivorian’ny Vondrona Madinika sy mandefa solontena hanatrika ny fivorian’ny Vovonam-bondrona no hisitraka ny fanisana.

Ho fanatanterahana ny fanisana ny hazo dia hisy ireo iraky ny fandaharan’asa TERAKA ho tonga eny amintsika Vondrona Madinika. Iangaviana isika noho izany hifanolon-tanana amin’izy ireo amin’izay fanampiana mety hilainy toy ny fitondrana azy ireo eny amin’ny tanin-kazo, famaliana izay fanontaniana apetrany ary fanoroana azy izay taratasy mety hangatahiny toy ny taratasy fanamarinana ny fananan-tany, karam-panondrom-pirenena, sns. Amafisina hatrany fa iTERAKA dia tsy manam-paniriana ny hivarotra na haka ny tanin’ny Tantsaha velively. Ireo no hatao dia mba isorohana amin’ny fisian’ny ady tany na ny olana mety iseho ho amin’ny ho avy rehefa ho tonga ny fitsinjarana ny tombom-barotra tahiry karbaona. Mandrampahatonga ity farany dia raisin’ny fandaharan’asa ho andraikitra ny fandoavana ny fandoavam-bola mialoha ho an’ireo hazo velona vitantsika tantsaha.

Hiomana sahady ihany koa isika handraisana sahady ny taom-pambolen-kazo vaovao ho avy io amin’ny alalan’ny fanangana tanin-janan-kazo, fanomanana ny lavaka, ny zezika, sns.

Herezo ary ry tantsaha namana fa isika sisa no erany ary izay mahakolokolo no manana ny soa hoy ny Ntaolo razantsika.

Gazette Tohiravina 3-Novembre-Vert.pdf 3 12/11/2024 16:30:29



Ireo tombontsoa ho sitrahin'ny tantsaha miaraka amin'ny fandaharan'asa TERAKA. Maro ireo tombontsoa ho an'ny tantsaha TERAKA: fandoavam-bola mialoha isaky ny hazo, ny tombontsoan'ny tantsaha ary ny valisoam-paharetana. Raha mila fanazavana fanampiny ianao, dia aza misalasala miantso ny foibe TERAKA. Ho hazavaina hatrany mandritra ny fivorian'ny Klaster ihany koa ireo karazana tombontsoa ireo.

III. Mpitondra fivavahana miara-misalahy amin'ny fandaharanasa TERAKA ho fanasoavana ny mpiara-belona sy ho fanatsarana ny tontolo iainana

Tsy mandrara-kilobian-doha amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny mpitondra fivavahana eny amin'ny tontolo ambanivohitra, fa miara mifampitantana amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ary mitondra ny anjara biriky ho fiarovana ny tontolo iainana ho lovain-jafy.

Mompera tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny Fiangonana ao Vohidahy, Distrika iray ao amin'ny Diosezin'Ambositra i RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel . Filohan'ny Fikambanana TSIRY MADA izay fikambanana iray misehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny ala ary ny vakoka, ary koa teknisianina mpampiofana momba ny fambolena sy fiompiana.

Araka ny dinidinika nifanaovana tamin'i mompera Jean Marcel, dia resy lahatra izy amin'ny fandaharan'asa TERAKA ary vonona ny hifanome tanana. Hoy izy : "Raha ny tontolo iainana eto Madagasikara no resahina, dia hita fa tena mihasimba izany, vokatry ny fandripahana ny ala, ny doro tanety, ny toe-tsaina taloha, ny fitrandrahana tsy ara-dalàna isan-karazany ka miteraka ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny haintany, ny tsy fahampiana na ny fisian'ny rotsak'orana be loatra sns"… Izany indrindra no antom-pisian'ny TERAKA, fandaharan'asa fambolen-kazo iarahana amin'ny vondrona tantsaha madinika; izay vahaolana ahafahana mikojakoja sy manarina indray ny tontolo iainana ary koa hivelomana. Anisan'ny teny nanamarika tamin'ny firesahana tamin'ity Raiamandreny ara-panahy ity dia ny hoe « Tiako ny tontolo ambanivohitra, ary indrindra indrindra amin'ny maha-zanak'i Mahazoarivo sy Sahamadio ahy, dia tena faly ny amin'ny fisian'ity fandaharan'asa ity eto an-toerana aho, hanarenana ny tontolo efa mihasimba amin'ireo faritra ireo, tetikasa manana fijery vaovao izay miompana tanteraka amin'ny fandraisana andraikitry ny tsirairay sy ny fandalàna ireo "Soatoavina fototra" izay fomba fanao natao ho fakan-tahaka, haharitra taona maro ary hahazoan'ny tantsaha tombony amin'ny fanabeazana, fampitomboana ny fahalalana momba ny fambolena ary amin'ny alalan'ny fivarotana tahiry karbaonina sy ho fampizarana ny olona handray andraikitra amin'ny fiainany sy ny hoavin'ireo taranaka ».

Tsy misy analana tsy misy anampiana fa dia ohatra fankahatahaka ho an'ny mpitondra rehetra hafa izao risim- pon'i Mompera Jean Marcel amin'ny fandraisana anjara amin'ny fandaharan'asa TERAKA izao. Ny fiangonana dia tsy toerana fanovozana ara-panahy ihany fa toeram- panabeazana ny amin'ny fitandrovana ny tontolo iainana izay nomen'ilay Nahary ka mila kojakojaina sy arovana tahaka ny anakadriamaso. Ndao hifanolo-tanana ho tombotsoa lovain-jafy.



"I Mompera Jean Marcel"

Gazette Tohiravina 3-Novembre-Vert.pdf 4 12/11/2024 16:30:31

IV. FANTATRAO VE IREO LISITRA HAZON'NY TERAKA?

Ny Hazo TERAKA, dia ireo hazo nambolena ao anatin'ny fandaharan'asa TERAKA ary mahazo maripankasitrahana karbaona iraisam-pirenena momba ny fenitra ampiasain'ny iTERAKA hanamarinana ny tetikasa. Ny karazana hazo izay mahatratra 2 metatra mihoatra ny haavony dia tafiditra ao anatin'ireo lisitra hazo TERAKA. Ny hazo madinika, tsy mahatratra 2 metatra ny haavony dia tsy tafiditra, toy ny kafe ; tefrozia ; voan'ala kely na radriaka. Ireo karazana voankazo izay tsy azo lazaina hoe hazo, toy ny akondro ; sy ny papay dia tsy tafiditra ihany koa. Afaka mamboly azy ireo ny tantsaha fa saingy tsy tafiditra ho isan'ireo hazo TERAKA anefa izy ireo.

Misy karazany telo lehibe araka izany ny lisitra hazo TERAKA. Ary afaka misafidy izay tiany ho volena ny tantsaha. Araka ny antana tohatra mihabo, dia ireto avy izy ireo

Ny lisitra fotsy : izay ahitana ireo hazo malaky mitombo, tsy avy eto an-toerana ary tsy voarara ny fambolena azy toy ny acacia, kininina ary ny kesika

Ny lisitra maitso : ahitana ireo karazana hazo zanatany tsy tandindomin-doza sy ireo hazo manome sakafo (hazo fihinam-boa) sy fanafody

Ny lisitra mena : ireo hazo zanatany efa mihalany tamingana sy tandindomin-doza

VAOVAO TSELAKA : Notokanana ny alarobia 14 Aogositra 2024 ny birao Nasionaly TERAKA

Ny **14 Aogositra 2024** lasa teo dia notokanana tamin'ny fomba Ofisialy ny birao nasionalin'ny fandaharan'asa TERAKA izay hita ao amin'ny 212 route circulaire Ambanidia ampitan'ny biraon'ny Foiben-Taosarintanin'ny Madagasikara (FTM). Tsy mialon-jafy ny birao nasionaly TERAKA fa misokatra ho an'ny rehetra. Aza mandalo tanàna misy havana ary fa mandrosoa rehefa sendra mba mandalo eto andrenivohitra.



"Birao nasionaly TERAKA voatokana sy mari-panoroana"

VONDRONA MADINIKA TERAKA: Fandriana : miisa 80 / Soavinandriana : miisa 26

MIARADIA MITSINJO I : "Ho fanatsarana ny tontolo iainana"

Distrika Fandriana, Kaominina Mahazoarivo, Fokontany Fakazato
Miisa 10: 6 lahy, 4 vavy
Daty nijoroana: 07 Febroary 2024



"Ireo Mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika MIARADIA MITSINJO sy ireo mpiara-miasa TERAKA nahavita ny fanasoniavana ny fifanarahana EMH ny 24 Mai 2024 lasa teo"

FANEVA : "Hijoro amin'ny fiarovana ny Tontolo iainana mba ho lovan'ny taranaka fara aman-dimby"

Distrika Soavinandriana, Kaominina Amparaky, Fokontany Amparaky
Miisa 7: 7 lahy, 0 vavy
Daty nijoroana: 20 Jona 2024



"Ireo Mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika FANEVA nandritra ny fitsidihana azy ireo ny 19 Jona 2024 lasa teo"

IREO ASA MIANDRY ANTSIKA HO AN'NY VOLANA NOVAMBRA SY DESAMBRA IO

Tanterina amintsika Vondrona Madinika TERAKA rehetra indray ary ireo asa miandry antsika. .

- Fanaovana ireo lavaka zana-kazo
- Fananganana ny tanin-janakazo sy fikarakarana azy
- Famonjena ny fivoriana isam-bolana mahazatra antsika
- Fiomanana sy firosoana amin'ny fambolena ireo zana-kazo
- Fikarakarana hatrany ireo hazo efa velona vitanao
- Tohizo hatrany ny fihaonana eo amin'ny Vondrona Madinika misy anareo ary ezaho fenoina hatrany ireo tatitra isam-bolana sy ny cahier firaketana fivoriana
- Entano hatrany ireo izay mpiray monina tsy mbola mpikambana hanatevin-daharana antsika ary ento manatrika ny fivoriantsika isam-bolana izy ireo

Arahabaina ireo Vondrona Madinika TERAKA rehetra izay efa miroso sahady ho amin'ny fananganana zana-kazo sy ny fanaovana ny kitapon-jana-kazo amin'izay akora eo am-pelatanana. Aza misalasala mifampizara ny traik'efa anananao amin'ny hafa.

TSARA HO FANTATRA : Ho an'ity taona vaovao ity dia mihitatra ho any amin'ny Faritra Vakinankaratra sy Alaotra Mangoro ary ireo Distrikan'ny Faritra Itasy isika. Koa aza misalasala mampahafantatra ny foibe nasionaly raha manana havana, tapaka sy namana, na olom-pantatra any ianao afahantsika manafaingana ny fanitarana.

Koa satria miha mitombo hatrany isika, dia mandeha ihany koa ny fandraisana ny momba ireo izay tia ho mpitarika ifotony sy ireo izay ho mpanisa hazo. Ampirisihana isika mpikambana na ireo izay monina amin'ireo toerana misy ny fandaharan'asa araka izany.

GAZETY tohiravina
TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo
Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : ANDRIAMBOLATIANA Irina - RASOARIMALALA Fenosoa - RAKOTONIAINA Nambinina - RALAINDIMBY Hanitriniala Minosoa
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
034 88 142 36 / 032 03 945 00
Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM